## Ny adidinao :



Tanteraho ny andraikitra !
Tadidio fa raha manapaka fianarana ny zanakao dia hihena na tsy handray Vatsin'Ankohonana intsony ianao



Manatona tobimpahasalamana manao vaksiny ny zaza sy manaraka ny fahasalaman'ny ankohonana.



Manatona ny toby FAFY hiofana sy hanatsara ny fanjarian-tsakafon'ny zaza.



Mandray anjara feno amin'ny hetsika rehetra miaraka amin'ny Reny Mavitrika.



## Zonao ny mametraka fitarainana na fanamarihana ary sosokevitra raha :

Voailikilika

Misy manao kolikoly

Tsy ampy ny vola voaray

Misy tsindry hazolena

Tsy mifanaraka amin'izay nifanarahana no miseho na atao







Fenoy ny takila voatokana ho an'izany
Manatona ny tompon'andraikira sy manampahefana



**950**
(Antso tsy andoavam-bola)

# Ireo **Zonao** sy **Adidinao**





VATSIN'ANKOHONANA

MPPSPF

FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT

LA BANQUE MONDIALE



Arahabaina fa misitraka ny Vatsin'Ankohonana ny tokantranonao !



## Ny andraikitrao : ahafahanao misitraka

Mila mahafeno ny taham-pahavitrihana mandritra ny taom-pianarana ny zanakao

4 andro mianatra an-tsekoly fara fahakeliny anatin'ny herinandro

Mandray Vatsin'Ankohonana Ar 40 000 hatramin'ny Ar 60 000 isaky ny :

2 Volana

Ar 40 000 : Raha tsy misy zaza mianatra
Ar 50 000 : Raha misy zaza 1 mianatra
Ar 60 000 : Raha mihoatra ny zaza 2 no mianatra





## Tsy mandray vola na mihena ny vola raisina

Raha tsy mahafeno ny taham-pahavitrihana any an-tsekoly nifanarahana, ary miala tsy ho isan'ny mahazo vatsy ilay mpianatra.

## Miala tsy ho mpisitraka intsony ny ankohonanao

Raha tsy tonga mandray vola in-3 misesy ianao




## Ahoana ny fandraisana ny vola ?

Ampahafantarina anao amin'ny alalan'ireo Reny Mavitrika, komity mpiahy ny mpiara-belona na peta-drindrina eny anivon'ny fokontany ny fotoana sy toerana handraisana izany.

## Ny zonao mpisitraka :




Mandray Vatsin'Ankohonana isaky ny roa (2) volana




Mampiditra ny zaza an-tsekoly, manomana azy alohan'ny hianatra, mahazo ireo hetsika fampivoarana ny zaza madinika sy fanentanana fijoroana ho olom-pirenena



Mahazo torohevitra momba ny fanjarian-tsakafo (Toby FAFY)



Misitraka fiofanana mahakasika lohahevitra maro



Hahazo fanentanana mahakasika ny fizahana sy fitsaboana eny amin'ny tobimpahasalamana (CSB)




**Hametraka fitarainana raha tsy mifanaraka amin'ny tokony ho izy ny miseho eny an-toerana**

## Ento ny kara-panondro, kara-pokontany ary ny karatra Vatsin'Ankohonana isaky ny mandray vola

